6 Inona no ahafahana mametraka fanamarihana na fitarainana

Manan-jo hametraka **fitarainana** ianao raha :

- **voailikilika**
- misy manao **kolikoly**
- **tsy feno** ny vola voaray
- **tsy mifanaraka** amin'izay nifanarahana no miseho na atao
- misy **tsindry hazolena**

Fenoy ny takila voatokana amin'izany !
Raiso eny amin'ny
komity mpiahy ny mpiara-belona na any amin'ny Reny Mavitrika

033 65 300 03 / 034 30 810 _ _
(Antso tsy andoavam-bola)

7 Ny adidinao !



- **Tanteraho ny zara-andraikitra !** Tadidio fa raha tsy mitozo fianarana ny zanakao dia hiena na tsy handray Vatsy "Ndao Hianatra" ianao.

- **Ento manatona ny toby fitsaboana** ny tanora rehefa tsy salama na koa haka toro-hevitra sy fiarovana amin'ny fandrindrana fiainam-pianakaviana.

- Mandraisa anjara feno amin'ny hetsika rehetra tanterahina miaraka amin'ny **Reny Mavitrika**.

- Ento ny boky fandraisam-bola na piosy (carte puce) ary ny boky "Ndao Hianatra" rehefa handray vola.

Ndao Hianatra

Let Us Learn

ZO SY ADIDY

MPPSPF

LA BANQUE MONDIALE

unicef

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

1 Arahabaina ! Ankehitriny ianao dia mpisitraka ny Vatsy “Ndao Hianatra”

Ho an'ny tokantrano manan-janaka eny amin’ny Kolejy dia mandray Vatsy **Ar 20.000** hatramin’ny **Ar 80.000** isaky ny :

2 volana

**Arakaraky ny isan-jaza sy ny kilasy misy azy ny sandan’ny vatsy raisina.*

Ny tokantrano manan-janaka amin’ny kilasy **T5/CM2** dia **in-droa mandray vola ihany** :
a) 10.000Ar : amin’ny fiandohan’ny taom-pianarana
b) 10.000Ar : Mandritry ny fikarakarana ny fisoratana anarana amin’ny fanadinam-panjakana

2 Ahoana ny fandraisana ny vola ?

Ampahafantarina anao amin’ny alalan’ny peta-drindrina eny an-tsekoly na eny amin’ ny biraom-pokontany ny fotoana sy toerana andraisana azy.

Ento ny Boky na **“Piosy”** finday, **ny karapanondro** ary ny **boky “Ndao Hianatra”** rehefa handray vola.

3 Ny andraikitrao : ahafahanao misitraka ny vatsy “Ndao Hianatra”

Mila **mitozo an-tsekoly** mandritra ny taom-pianarana ny zanakao :

4 andro **mianatra an-tsekoly fara fahakeliny** anatin’ny herinandro

4 Raha tsy mitozo fianarana ny zanakao dia inona no hitranga ?

Tsy mandray **vola** na mihena ny vola raisina

Raha **tsy mahatratra ny sanda fitozoana** nifanarahana (4 andro mianatra an-tsekoly fara fahakeliny anatin’ny herinandro) in-3 misesy ny zanakao na koa **tsy tonga mandray** ny vola in-3 misesy ianao.

5 Ny zonao ! mpisitraka ny Vatsy “Ndao Hianatra”

- Ny mpisitraka dia manan-jo handray ny **Vatsy “Ndao Hianatra”** isaky ny roa (2) volana ary mandray anjara amin’ireo **fiofanana** omen’ny FID.
- Manan-jo **hampiditra** ny zanany **an-tsekoly**, mahazo fikarakarana ara-pahasalamana (CSB) ary torohevitra momba ny fivelaran’ny tanora sy ny maha olom-pirenena.



- Manan-jo hametraka **fitarainana** raha tsy afa-po amin’ireo nifanarahana na koa ny sandan’ny vola voaray.